MESUPRES Ministère de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique
eRI.mg eRecherche-Innovation
DGRS Direction Générale de la Recherche Scientifique
Desambra 2025 - Laharana 1

# Gazety an'habaka « Fikarohana ara-tsiansa sy Haivao




## VOKA-PIKAROHANA TAONA 2025
## AZO AMPIHARINA IFOTONY ETO MADAGASIKARA SY IREO TRAIKEFAN'NY IVOTOERAM-PIKAROHANA

TOAKA GASY ! RANO MALOTO ! RANO FISOTRO ? KALITAO SA SINGA SIMIKA ? ZEZIKA ! BIOGAZ : ETONA FANDREHITRA na BIOCARBURANT AVY @ FAKO ao antokantrano !

Vita manaraka ny fenitra hay ny toaka gasy ? Namolavola ny fenitry ny toaka gasy niaraka tamin'ny Bureau des Normes de Madagascar ny mpikaroka CNRIT na Centre National de Recherche Industrielle et Technologique.

Ho an'ny indostria : raha misy rano maloto tokony arahina ny taha simika ao aminy. Manana traik'efa manokana momba izany ny CNRIT.
Fitiliana ny rano fisotro ? Ambohimanambola ? Efa voatilin'ny mpikaroka CNRIT ny rano ao ary ireo rano hafa koa.
ZEZIKA ! Namorona sy namokatra zezika vita malagasy antsoina hoe ZEVO ny mpikaroka CNRIT, efa ampiasain'ny tantsaha zany ary fantaro dieny izao.

BIOGAZ na BIOCARBURANT : HODI-BOANKAZO NA LEGIOMA sns! Manodina ireo fako hahazoana etona fandrehitra na fanodinana milina ny CNRIT ary manamboatra ilay fitaovana fanodinam-pako na BIODIGESTEUR, mbola ahodina ho zezika na compost koa ireo faika azo eto.





PARC BOTANIQUE ET ZOOLOGIQUE DE TSIMBAZAZA EH!!! TONGASOA NAREO O💗
🐒Miisa 13 ny varika, tokana antany eto Madagasikara irery ihany,teraka teto amin'ny Valanjavaboahary Tsimbazaza, teo anelanelan'ny faran'ny volana Aogositra ka hatramin'ny volana Novambra 2025. Varika karazany 6 izy ireo : *Eulemur macaco*, *Eulemur rubriventer*, *Eulemur coronatus*, *Eulemur fulvus*, *Eulemur rufus*, ary Koa ny *Cheirogaleus*, izay karakarain'ny ekipan'ny sampana miandraikitra ny biby mampinono.
Manao ny ainy tsy ho zavatra ny ekipa PBZT manontolo amin'ny fanavanonana io PBZT io izay faritra "identité culturelle" ny Malagasy, indrindra @ izao faha 100 taona azy izao.

Manao hetsika "Bird Watching" ny PBZT. 🐦🦢
➡️ ny tanjona moa dia ny hampahafantatra ny mpitsidika ireo karazana vorona samihafa ato amin'ny Valanjavaboahary Tsimbazaza , ary manome fahafahana amin'ny alalan'ny fitaovana maso lavitra.Eo ihany koa ny :

*Fikojakojana ny angon-drakitra na vakoka ao amin'ny tranombakoka.
*Fikojakojana ny angon-drakitra ara-taratasy Fanangonana raki-baovao ao amin'ny tranombakoka (Archaeoindri, Palaeopropithecus, Megaladapis)

*Fanavaozana ny marika 59 amin'ny zavamaniry ambolena sy afisy iray ao amin'ny zaridainan'ny zavamaniry fanafody natolotry ny ORTANA

Taratra radioaktifa hoe, hitily sa mila fanofanana ? antsoy ny ivotoeram-pikarohana INSTN na Institut National des Sciences et Techniques Nucléaires

Momba ireo sakafo avy any ivelany miditra eto amintsika eto Madagasikara hoe? Na mety fanapoizinana ara-tsakafo ?

Tena miaro ny mpanjifa sy ny vahoaka Malagasy @ fitsirihana ara-dalàna ireo mety « métaux lourds » na koa mety ho taratra radioaktifa amin'ireo sakafo nafarana avy any ivelany na ahiana misy poizina ny INSTN. Fitiliana 6500 no vita hatreto.

Ary ny rano ? Ny rivotra maloto ?

Santionan-drano miisa 42 no vitan'ny mpikaroka ao amin'ny INSTN. Fitiliana ny singa ao anatin'ny rivotra 2 no natao . 26 no isan'ireo fitiliana ny kalitao vita.

Ilaina @ fitsirihana ny aretina cancer : nahazo fitaovana vaovao momba ny cobaltothérapie tao amin'ny hopitaly Ravoahangy Andrianavalona (CHU JRA) :

Manampahaizana manokana mitsirika sy mifehy ny taratra radioaktifa ny mpikaroka ao @ INSTN, mba tsy hanimba na hisy fiantraikany amin'ny fahasalaman'ireo marary.

Na eny anivon'ny toeram-pitsaboana io na eny anivon'ny indostria rehetra eny :

Manana tahirikevitra maro : momba ny foza na écrevisses, ny rano mikoriana sy ny matsabory (Ihotry, Alaotra) eto Madagasikara ny Centre National de la Recherche sur l'Environnement na CNRE.

- Talenta manokana ananan'ny CNRE ny « inoculation microbienne », fametrahana otrik'aina, bakteria na holatra anaty tontolo iray (milieu de culture).


Tsy mitsahatra ny mampahafantatra ireo vokapikarohana ananany ny CNRE @ fandaharana TVM «karoka sy ketrika ».

● Eo ihany koa ny fanavaozana ny tahirin-kevitra momba ny fifindra-monina anatiny eto Madagasikara, tany @ faritra Boeny, tamin'ity taona 2025 ity.

● Fanamafisana ny fisian'ny observatoire eo amin'ny andrim-panjakana, iarahana amin'ireo ONG sy Fiaraha-monina sivily.

● Fandraisan'anjaran'ny CNRE amin'ny fampiofanana ara-kolontsaina amin'ny tetikasa Varuna Living Forest ho an'ny vondrom-piarahamonina ao amin'ny tanànan'i Rantolava, Tanambao, Tampolo, ary Andapa II, ao amin'ny distrikan'i Fénérive Est.


● Fanohanana avy amin'ny CNRE amin'ny fametrahana laboratoara velona eo an-toerana ao amin'ny faritra Tampolo-Fénérive Est















Andrana dingana voalohany momba ny "crème" miady amin'ny holatra na "antifongique" FANDIO ny CNARP na Centre National d'Application des Recherches Pharmaceutiques.

- Ao koa ireo fanavanonana lahatsoratra siantifika : * momba ny karazan-javamaniry fanao fanafody nentin-drazana ao amin'ny tendrombohitra Ankaratra (na pharmacopée).

-Tetikasa lehibe ao amin'ny andrim-panjakana

Tetikasa PPSB – Fikarakarana hiatrehana areti-mifindra sy fanomezana tolotra fahasalamana fototra

• Fametrahana ny rafitra fitantanana ny kalitao miaraka amin'ny IQLS:

• Fanadihadiana momba ny fiparitahan'ny tazomoka (baseline) amin'ny faritra ifotoran'ny tetikasa.










Namokatra karazana masomboly voamarina fa mahatanty haintany sy fiovaovan'ny toetr'andro, ny FOFIFA sy ireo mpiaramiombon'antoka : katsaka (02) (Miaritra sy Marobaby) ; tsaramaso roa (02) (Ran'omby 5 sy Ikinimba FOFIFA) ;legioma miisa roapolo (20) ; sorgho (4): CSM63, Sorgho Rasta, Fianarantsoa, Ouedzouré ; voanemba (06) : 40j, marron, zazamena, rapamante, blackeyes, farihimaso • voatsoroka (03) : maitso, mena, mavo ; • Karazana katsaka (02) : tsako gasy, Tsako Vazambiriky ; mangahazo (01) : menahelika ; amandy (03) : menabe, marabe,menakely; sorgho (2) (mina sy manana).

-Fampahalalana ny tetiandrom-pambolena sy ny teknolojia manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro amin'ireo voly ireo ;

-Famantarana ireo bibikely (05) mpanimba voly.




Tetiandrom-mpambolena vary 2025-2026




Tetiandrom-pambolena katsaka 2025-2026



Tetiandrom-pambolena tsaramaso 2025-2026



Tetiandrom-pambolena voanjo 2025-2026



Tetiandrom-pambolena apemba 2025-2026

Calendriers culturaux 2025-2026 | FOFIFA







Facebook















IMVAVET na Institut Malgache des Vaccins Vétérinaires

Misy avokoa ny vaksiny rehetra amin'ny sokajy rehetra ato amin'ny Imvavet!

➡️ Ho an'ny akoho amam-borona

➡️ Ho an'ny kisoa

➡️ Ho an'ny biby mandinika: hiarovana ny omby sy ny osy

➡️ Ho an'ny alika (ho an'ireo veterinera irery ihany)

✅ Vonona ho an'ny mpamboly sy mpiompy rehetra ny vokatra.

eRI.mg
Ny Fitaleovam-pikarohana ara-tsiansa/Ministeran'ny Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa.
Tél : +261320557982 / hranarijaona@gmail.com

Manangana tambanjotra manokana ara-tsiansan'ny mpikaroka mpampianatra sy ny mpampianatra mpikaroka araky ny fahaizana manokana ananany ny eto anivon'ny Fitaleovam-paritry ny fikarohana ara-tsiansa.

Ny tanjona moa dia ny hanavanonana azy ireo amin'ny maha-mpikaroka azy, amin'ny fikarohana ara-tsiansa ataony, ary ny hahavanonana kokoa ny toe-karena Malagasy.

Hisy ny raki-kevitra isan-taranja hivoaka isan-tamba-jotra ary arahin'ny tolo-kevitra mahomby avy amin'izy ireo ho an'ny fitondrana Malagasy ahatratrarana ny fahombiazana iombonana.

Eo andalam-pahavononana amin'izao fotoana izao ny tamba-jotra "minerai et produits finis" iarahan'ireo mpikatroka ara-tsiansa manerana an'i Madagasikara.









Centre d'Information et de Documentation Scientifique et Technique na CIDST, ireto avy ireo hetsika vao haingana natao miaraka amin'ireo mpiaramiombon'antoka:

* Fampahafantarana sy torolàlana momba ny asa :

** ho an'ny tanora eny @ Lycée (Raombana Anosy Avaratra Antananarivo, Idanda sy La Puissance Fianarantsoa, Jacques Rabemananjara Toamasina, Philibert Tsiranana Mahajanga), mpianatra 1435 no nampahafantarina.

** Fianarantsoa (fanontana voalohany) : fikambanana 45 nandray anjara, mpiara-miombon'antoka 3 (YAS Madagascar, Oniversiten'i Fianarantsoa, mpitsidika 4378 voakasika.

- Fifanakalozan-kevitra nanangona ireo Mpanadihady, mpianatra, mpampiasa, mpandraharaha ara-toekarena sy matihanina ao amin'ny famokarana olatra, tao amin'ny Kaominina Fiaferana.

- Atrikasa fanofanana 08 momba ny fampiasana ny rindrambaiko mifandraika amin'ny haivao .

- Fandaharana "karoka sy ketrika" tao @ TVM miisa 2 ho fampahafantarana ny CIDST sy amin'ny tambajotra sosialy.

- Fitohizan'ny  fanavanonana ny "article scientifique" Revue Scientifique de Madagascar iarahana amin'ireo profesora eran'ny Madagasikara.




**Ministeran'ny Ambaratonga Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa**
Fitaleovana jeneralin'ny fikarohana ara-tsiansa

eRecherche & Innovation.mg (eRI.mg)
Gazety an'habaka **"Fikarohana sy Haivao"**

Contact : +261320557982

hranarijaona@gmail.com